Free Digital Copy From ServeNow

# *IREO ZAVA-DEHIBE FOTOTRA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA NY FANAHY MASINA*

*Lars B. Dunberg*

ServeNow

Free Digital Copy From ServeNow

***Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba ny fanahy masina***

***The Basic Things You Need to Know About the Holy Spirit (Malagasy)***

Lars B. Dunberg

Copyright © 2014 by *ServeNow.*
Used by Permission. All rights reserved.

ISBN 978-1-964796-79-6

Scripture quotations translated from The Holy Bible, International Version® NIV®
Copyright ©1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.TM
Used by permission. All rights reserved worldwide.

Published by ServeNow
5142 N Academy Blvd #153
Colorado Springs, CO 80918, USA

Free Digital Copy From ServeNow

# Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba ny fanahy masina

**Fampidirana**

Afa-po tanteraka amin'ny fiainana maha kristianina anao ve ianao sa noana sy mangetaheta bebe kokoa ? Afa-po tanteraka amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra ve ianao? Ampy ve ny fisian'ny herin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao? Sa mametraka ireto fanontaniana ireto ianao :

"Manontany tena aho raha mbola misy ..."

"Manontany tena aho raha mafana fo, mavitrika kokoa ary matoky amin'ny fiainam-bavaka."

"Ny Tompo tokoa ve no lohalaharana amin'ny fisainako?"

Betsaka ny kristiana fantantsika fa tsy dia manana fifaliana eo amin'ny fiainany. Anontanio fotsiny izy ireo. Maniry ny lalina, ny firehetam-po, ny fiadanana mahafa-po ary fitoniana izy ireo fa tsy ny fifandraisana ivelambelany fotsiny amin'Andriamanitra amin'ny teny tsy misy fihetseham-po sy ady tsy misy fanasitranana.

Tsy voafetra amin'ny fivoriam-piangonana, ny fianarana Baiboly, ny fitenenana ara-pivavahana, ary ny vavaka tsy tapaka ny fiainam-pinoana. Azo antoka fa maniry hanao zavatra bebe kokoa ao anatintsika mihoatra noho izay miseho ankehitriny ny Fanahin'Andriamanitra! Misy takaitra tiany esorina ao. Misy fihetseham-po tapaka tiany hositranina. Misy hevitra tiany hambara.

Ny Efesiana 5:15-19 dia maneho fomba fiaina hafa hiainantsika ny fiainantsika. *Koa tandremo tsara izay*

Free Digital Copy From ServeNow

*fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao. Ary noho izany dia aza manao adala-dala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon'ny Tompo. Ary aza ho mamon-divay ianareo, fa amin'izany dia misy fanaranam-po amin'ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy* (Efesiana 5:15-18).

Na ny fimamoana na ny fahafenoan'ny Fanahy dia fitaomana roa mahery izay miasa ao anatintsika: ny toaka ao amin'ny rà ary ny Fanahy Masina ao am-pontsika. Ny toaka be loatra dia mitarika amin'ny fitondran-tena tsy voafehy sy tsy ampy fisainana, ka manova ny mamo ho toy ny biby, fa ny fahafenoan'ny Fanahy kosa dia mitondra amin'ny fitondran-tena voafehy sy misaina, manova ny Kristiana ho tahaka ny endrik'i Kristy.

Izany hoe, ny vokatry ny eo ambany fitarihan'ny fanahy amin'ny lafiny iray ary ny Fanahy Masin'Andriamanitra amin'ny lafiny iray, dia samy hafa tanteraka. Ny iray mahatonga antsika ho toy ny bibidia, ny iray kosa tahaka an'i Kristy.

**Iza moa ny Fanahy Masina?**

Ny ankamaroan'ny Kristianina ankehitriny dia mihevitra fa i Jesosy Zanaka sy Andriamanitra Ray dia tena olona roa miavaka tsara ao anatin'ny maha Andriamanitra. Na izany aza, be dia be ny savorovoro momba ny maha-izy ny Fanahy Masina. Na izany aza anefa, dia maro ny olona nandritra ny taona maro no nihevitra ny Fanahy Masina ho zavatra fa tsy olona. Tsy misy na inona na inona afaka miala amin'ny fahamarinana. Ny Fanahy Masina dia tsy herina matotoa, na karazana matoatoa. Anisan'ny Trinite izy — Andriamanitra Ray, Andriamanitra Zanaka, ary Andriamanitra Fanahy Masina.

Free Digital Copy from ServeNow

Rehefa manomboka mahafantatra ny Fanahy Masina isika, dia haniry hanana fifandraisana akaiky kokoa Aminy, toy ny amin’ny Ray na ny Zanaka.

**Ny sasany amin'ireo toetran'ny Fanahy Masina**

Maranin-tsaina ny Fanahy Masina. *Dia isika no nanambaran'Andriamanitra izany tamin'ny Fanahy; fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'Andriamanitra aza* (I Korintiana 2:10).

Manana fahalalana ny Fanahy Masina. *Fa iza no olona mahalala ny ao am-pon'olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany? Ary toy izany koa, tsy misy mahalala ny ao am-pon'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra ihany* (I Korintiana 2: 11).

Manana fihetseham-po ny Fanahy Masina. *Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, Izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana* (Efesiana 4:30).

Mandray fanapahan-kevitra ny Fanahy Masina. *Ary rehefa noraran'ny Fanahy Masina tsy hitory ny teny tany Asia izy, dia nandeha namaky ny tany Frygia sy Galatia* (Asan'ny Apostoly 16:6).

Manana ny heviny ny Fanahy Masina. *Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina* (Romana 8:27).

Manana sitrapo ny Fanahy Masina. *Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony* (1 Korintiana 12:11).

**Manana anjara toerana lehibe ao amin’ny Soratra Masina ny Fanahy Masina**

Ny Fanahy Masina, izay voalaza mazava tsara ao amin’ny pejy voalohany amin’ny Testamenta Taloha, dia manana anjara lehibe amin’ny tantara ao amin’ny Baiboly:

Free Digital Copy From ServeNow

*Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany. Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary aizina no tambonin'ny lalina. Ary ny fanahin'Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano* (Genesisy 1:1-2).

## Ny Teny sy ny Fanahy

Ankehitriny dia toa misy vondrona roa tena miavaka ao amin'ny Fiangonana. Ny iray dia mifantoka amin'ny Teny ary ny iray hafa amin'ny Fanahy.

Ny vondrona iray dia tsy mahita afa-tsy ny Teny ary mino fa rehefa mianatra izany isika dia ho tonga amin'ny fahamarinana feno. Mino ity vondrona ity fa tsy hisy ifandraisany firy na tsy hisy ifandraisany mihitsy amin'ny fahamarinana ireo traikefa ara-pihetseham-po izay matetika mifandray amin'ny vondrona hafa izay manantitrantitra ny asan'ny Fanahy Masina.

Ireo izay manantitrantitra ny asan'ny Fanahy Masina dia fantatra indraindray fa mivily mankany amin'ny fitondran-tena izay mitaky fanehoana ara-panahy ho porofon'izay toa hafahafa amin'ny Soratra Masina indraindray. Milaza izy ireo fa vokatry ny asan'ny Fanahin'Andriamanitra ny fitondran-tena toy izany.

Raha mahita ny fanararaotana sy ny fampianaran-diso, dia maro ao amin'ny "vondrona Teny" no hilaza hoe: "Tsy liana amin'ny traikefa sy ny fisehoan'ny Fanahy Masina aho. Te hianatra ny Teny fotsiny aho!"

Na izany aza, mila manaiky isika fa ny fiangonana salama dia mila miaina ny fiarahan'ny Teny sy ny Fanahy. Rehefa dinihina tokoa, dia ny Fanahy no nanome antsika ny Teny: *fa fantatrareo voalohany indrindra fa ny famoahan-kevitry ny faminaniana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany; fa tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra;*

Free Digital Copy From ServeNow

*fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy* (2 Petera 1:20-21).

Io Fanahy io ihany no nanome aina ny Soratra Masina: *Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana* (2 Timoty 3:16).

Nilaza tamin'i Timoty I Paoly mba hitory sy hianatra ny Teny, fa tsy hoe ho feno hery fotsiny. *Mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra* (2 Timoty 4:2).

Tsy azonao atao ny mampifanohitra ny Teny sy ny Fanahy. Raha tsy misy ny herin'ny Fanahy dia tsy ho fantatsika mihitsy izany atao hoe fifohazana sy fanavaozana. Raha tsy misy ny Teny dia tsy ho haintsika ny manavaka izay avy amin'Andriamanitra sy izay diso. Mikambana ny Fanahy sy ny Teny ary tsy hisaraka mihitsy anie izy roa ireo! Ahoana no ahafahan'ny olona iray mankamamy ny tenin'Andriamanitra raha tsy manome ny toerana mendrika ny Fanahy Masina izy?

Ireo izay misehatra ao anaty faribolana izay manome lanja ny Fanahy Masina dia tsy maintsy ampahatsiahivina fa ny zavatra rehetra dia hozahan-toetra araka ny Soratra Masina; tsy manohitra ny Teny mihitsy ny Fanahy.

Nampitandrina ireo Fariseo izay nitady ny taratry ny lalàna fa tsy ny fanahin'ny lalàna i Jesosy: *Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy* (Jaona 5:39).

Hoy i Paoly ao amin'ny Romana 8:9: *Fa ianareo tsy ao amin'ny nofo, fa ao amin'ny Fanahy, raha ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy.*

Free Digital Copy From ServeNow

**Ny Soratra Masina dia maneho ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny tandindona**

Misy tandindona maro ao amin'ny Soratra Masina izay maneho ny Fanahy Masina.

***Voromailala***

Rehefa natao batisa tao amin'ny ony Jordana i Jesosy, dia tonga taminy ny Fanahy tamin'ny endriky ny voromailala. Nisy feo avy any ambony nanao hoe: *Ity no Zanako malalako…* Ao amin'io andininy iray io ihany dia mahita ny Trinite iray manontolo isika: Ray, Zanaka ary ny Fanahy Masina.

***Renirano***

Ireo mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha dia niresaka momba an'Andriamanitra izay nandatsaka ny Fanahiny toy ny "rano mikoriana amin'izay mangetaheta". Miresaka momba ilay fahagagana rehefa nisokatra ny vatolampy izany ary nisy rano nikoriana tany amin'ny tany efitra. Io fisehoan-javatra io no tian'i Jesosy holazaina rehefa niantsoantso izy manao hoe: *Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao ankibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin'izany; fa ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin'ny voninahiny* (Jaona 7:37-39).

Nanatrika fety tany Jerosalema i Jesosy, rehefa nanao an'io fampanantenana mahatalanjona io tamin'ny vahoaka. Nandritra ilay fety ara-panahy naharitra herinandro, dia nahatsiahy ny amin'ilay fotoana nanomezan'ny vatolampy rano ny olona izy ireo. Nanao izany izy ireo tamin'ny alalan'ny fitondrana rano tao an-tanàna ary nandraraka izany teo ambonin'ny alitara sady nihira ny teny

Free Digital Copy From ServeNow

voalaza tao amin'ny Testamenta Taloha: *Koa amin'ny fifaliana no hantsakanareo rano amin'ny loharanom-pamonjena* (Isaia 12:3). Tampoka teo dia nitsangana Jesosy, nanondro ny tenany ho vato vaky ka nanazava hoe: *izany hoy izy ny momban'ny Fanahy.*

Ankehitriny i Jesosy dia any an-danitra miaraka amin'ny Rainy ary afaka manome fahafaham-po ny hetahetantsika lalina indrindra amin'ny alalan'ny Fanahiny. Izy no rano nalatsaka tamintsika, sady mahafa-po ny hetahetantsika ary koa ny hetahetan'ireo izay mifandray amintsika.

### *Afo*

Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia nisy lela afo hita maso avy any ambony, nozarazaraina ka nipetraka teo amin'ny lohan'ny mpianatra tsirairay izay nivory nivavaka tao amin'ny toerana iray. Niseho tao anaty afo ny fanatrehan'Andriamanitra. *Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy* (Asan'ny Apostoly 2:4).

Manazava ny efitra maizina ny afo; manadio, mandoro, manome hery sy hafanana. Ny afon'ny Fanahin'Andriamanitra dia mandoro ny akofa eo amin'ny fiainantsika, rehefa manadio izy, dia mamirapiratra ny ao anatintsika, mizara ny hafanan'Andriamanitra amin'ny hafa, ary manazava ny fahamarinany hatrany anatintsika.

### *Rivotra*

Antsoina hoe rivotra koa ny Fanahy Masina. Ny teny ara-Baiboly ho an'ny fanahy dia midika hoe fofonaina be toy ny rehefa mitsoka balaonina ianao, mitsoka labozia, na miaina mafy rehefa mihazakazaka. Ny teny koa dia midika hoe ny fitsofan'ny rivotra, izay zara raha takatry ny saina indraindray, nefa amin'ny fotoana hafa dia lasa zavatra mirohondrohona sy mandrava—fanehoana hery

Free Digital Copy From ServeNow

mihoapampana. Ny asan'ny Fanahy dia mandray ireo endrika roa ireo, sy ny maro hafa ihany koa. Ny Fanahy no herin'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny olombelona.

Mila manome voninahitra ny Tompontsika izay Fanahy Masina isika amin'ny famelana azy hanova ny tanimanga manta eo amin'ny fiainantsika ho modely tahaka ny an'i Kristy amin'ny fitiavana masina, ny fahadiovana, ny fahamasinana ary ny fitiavana ny olona rehetra.

Ao amin'ny Testamenta Taloha, bokin'i Ezekiela dia mamaky isika ao amin'ny toko faha-37 ny amin'ny lohasaha feno taolana maina. Naminany ny mpaminany ka nitambatra ny taolana, nefa tsy nisy fofonaina tao aminy. Dia tonga ny fofonain'Andriamanitra ka nanome aina azy ireo. Dia hoy ny Tompo tamin'ny mpaminany: *Ary hataoko ao anatinareo ny Fanahiko, dia ho velona ianareo ...* (Ezekiela 37:14).

Rehefa miresaka momba ny fiainam-baovao ao anatintsika Jesosy, dia miresaka momba ny rivotra, mariky ny fahafahana izay tsy mety tanana ; rivotra izay ho faty fotsiny raha miezaka manakana azy isika. Hoy Jesosy tamin'i Nikodemosy izay tonga nitsidika azy tamin'ny alina, *Ny rivotra mitsoka amin'izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy* (Jaona 3:8).

### *Menaka*

Ny menaka dia marika iray hafa an'ny Fanahy ary mahatonga antsika hieritreritra ny fanasitranana, ny fanoloran-tena ary ny fitaovana ho an'ny fanompoana. Ny Fanahy no nanosorana antsika ho amin'ny asa masina, atokana ho masina eo anatrehan'ny Tompo.

Free Digital Copy From ServeNow

***Tombokase***

Ny Fanahy koa dia toy ny tombo-kase izay manamarina fananan-javatra iray. Ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Fanahy ao anatintsika dia manamafy fa isika dia an'ny Tompo. *Ao aminy koa ianareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsara famonjena anareo, eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana* (Efesiana 1:13).

***Anarana hafa***

Ny Fanahy dia antsoina amin'ny anarana maro hafa ihany koa: Fanahin'ny Fitiavana, Fanahin'ny Hery, Fanahy Masina, Fanahin'ny fahamarinana, Fanahin'ny Voninahitra, Mpanampy, Fanahin'ny Fahasoavana, ary Fanahin'ny Vavaka, mba hilazana azy vitsivitsy fotsiny ireo.

**Inona no ataon'ny Fanahy?**

***Ny asan'ny Fanahy dia mandresy lahatra***

Ny asan'ny Fanahy dia ny mandresy lahatra ny amin'ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana. Ny 1 Jaona 3:4 dia milazalaza ny ota ho toy ny tsy fahatrarana ny tanjona. Raha toa ka efa nanao fanazaran-tena mikendry tanjona iray ianao dia fantatrao fa na tsy ampy iray santimetatra, na antsasa-metatra, na antsasaka kilaometatra no tsy nahatratraranao azy dia tsy tratranao foana izany ilay tanjona. Tsy voatery ho refesina amin'ny fahadisoantsika isika fa amin'ny fahalementsika. Raha toy ny tsy fahatrarana tanjona ny ota, dia tsy tanteraka izy zany — fa ny tanjona no tanteraka.

*Ny Fanahy Masina dia nandresy lahatra an'ireo izay nihaino an'i Jesosy ary tsapan'izy ireo fa lavitra ny tanjona izy ireo. Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: Aza mamono olona ary izay mamono olona dia miendrika hohelohina amin'ny fitsarana. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra*

Free Digital Copy From ServeNow

*amin'ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amin'ny fitsarana; ary na zovy na zovy no hanao amin'ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia miendrika hohelohina amin'ny Synedriona; ary na zovy na zovy no hanao hoe: Foka ialahy, dia miendrika ho ao amin'ny helo mirehitra afo* (Matio 5:21-22). *Efa, renareo fa voalaza hoe: Aza mijangajanga. Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady* (Matio 5:27-28).

Vaovao tsara ve izany? Sarotra tokoa izany rehefa tsy afaka nihetsika tamin'ny fientanam-po isika! Tsy afaka mieritreritra ny momba izany akory isika ankehitriny!

Mandra-panekentsika tanteraka hoe tsy afaka ny ho araka izay tian'Andriamanitra ho isika isika dia mamita-tena isika. Tonga amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Izy mba hanondro ny fahotantsika sy ny fahamarinany.

Manazava izany ny Bokin'i Ezekiela, *Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy* (Ezekiela 36:27).

Izay didy teo ambanin'ny fanekena taloha dia lasa fampanantenana teo ambanin'ny fanekena vaovao. Tsy mpampianatra antsika fotsiny i Jesosy fa fiainantsika mihitsy Izy.

*Koa amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy, satria ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny ota sy ny fahafatesana* (Romana 8:1).

Izay tsy vitan'ny lalàna dia vitan'Andriamanitra, *Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy* (2 Korintiana 3:18).

Free Digital Copy From ServeNow

***Ny asan'ny Fanahy dia manisy tombo-kase izay mino***

Rehefa nandoa faktiora ianao tamin'ny andro taloha, dia matetika ny mpivarotra no manisy tombo-kase amin'ny dika mitovy amin'ny faktiora. Nilaza fotsiny ilay tombo-kase hoe "voaloa manontolo". Dia nomeny anao ny tapakila momba ny vola naloanao. Ny Fanahy Masina no tombo-kasentsika sy faktiorantsika.

Ny Fanahy Masina no mampahafantatra antsika fa an'Andriamanitra isika. *Ao aminy koa ianareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsara famonjena anareo, eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana* (Efesiana 1:13).

Nandritra ny Ady Lehibe faharoa, dia nisy ady mafy nipoaka. Matetika ny miaramila no niezaka nanangana tetezana. Niampita renirano izy ireo ary niady mba hahazoana tany misimisy kokoa mba hahafahan'ireo injeniera miara-miasa amin'izy ireo hanangana tetezana hitondrana miaramila bebe kokoa. Namoizana ain'olona maro sy fitaovam-piadiana mahery vaika izany. Nanorina tetezana eo amin'ny fiainantsika i Kristy. Tsy nitranga izany raha tsy nisy ady. Nanolotra ny rany teo Kalvary Izy, maty ho antsika ary nitondra ny fahotantsika teo an-tsorony. Avy eo ny Fanahy dia nanamafy ny asan'i Kristy tamin'ny afo tamin'ny Andro Pentekosta. Voavidy tamin'ny rà sy afo isika.

***Ny asan'ny Fanahy dia ny hampianatra antsika ny zavatra rehetra***

*Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo* (Jaona 14:26).

Free Digital Copy From ServeNow

Hainao ve ny zava-drehetra? Mazava ho azy fa tsia. Na izany aza, mahay ny zava-drehetra ny Fanahy Masina ary Izy dia manam-pahaizana manokana momba an'i Jesosy. Manatona antsika Izy mba hanome voninahitra an'i Jesosy.

### *Ny asan'ny Fanahy dia ny mampahatsiahy antsika izay rehetra nolazain'i Jesosy tamintsika*

Inona no nolazain'i Jesosy tamintsika? Nampianatra antsika ho tia ny Rainy izy ary ny hifankatiavantsika. Naneho mazava tsara ny fitiavany ny hafa izy, hany ka nizara ny toerana nahafatesany teo Kalvary tamin'ny jiolahy izy.

### *Ny asan'ny Fanahy dia ny ho Mpampionona sy Mpanampy ary Mpnabe*

Misy fotoana tsy haintsika fotsiny tsotra izao hoe aiza no hitodika. Mavesatra ny fanaintainana, mavesatra loatra ny enta-mavesatra ary lany ny hery ara-panahy. Amin'ny fotoana toy izany dia eo ny Fanahy mba hampionona antsika, hanampy antsika, ary hanome antsika hery ara-panahy vaovao hiatrehana izany.

### Fanomezana lehibe avy amin'i Jesosy ny Fanahy

Fotoana fohy talohan'ny nanomboana azy teo amin'ny hazofijaliana, dia nanome fampanantenana lehibe ho an'ny mpianany i Jesosy. *Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo* (Jaona 14:16-17).

*Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aty aminareo ny*

Free Digital Copy from ServeNow

*Mpananatra; fa raha handeha Aho, dia hirahiko ho aty aminareo Izy* (Jaona 16:7).

Tsy mba nananan'ny mpianatra izany. Ny Mpisolovava dia fanomezana. Amin'izao andro izao dia omena maimaim-poana ho antsika izany fanomezana izany. Mandidy antsika koa ny Soratra Masina *mba ho feno ny Fanahy*. Maneho ny tsy rariny ny didy raha tsy azo nankatoavina.

**Nahoana no sarotra be ny ahatongavana amin'izany?**

Nametra ny asan'ny Fanahy ny sasany tamin'ireo teolojiana tsara sitrapo, ka nino fa rehefa niforona ny Soratra Masina, dia tsy nilaina toy izany intsony ny fanatrehany. Tsy misy na aiza na aiza ao amin'ny Soratra Masina hahitana fanambarana izay mametra ny fanatrehan'ny Fanahy na ny fihetsehan'ny Fanahy ho an'ny vanim-potoana taloha. Ilay nampanantena mpanara-dia vitsivitsy raiki-tahotra dia mazoto hanatanteraka izany amintsika ankehitriny.

Indraindray isika dia matahotra ny zavatra tsy fantatra. Te hifehy ny zavatra mandrakariva isika. Manana fahazarana ara-panahy isika amin'ny fanoherana izay tsy azontsika na tsy tiantsika ankatoavina. Toy ny mahita zavatra tsara tarehy nefa lafo vidy ao anaty trano fivarotana iray izany. Tiantsika izany ary maniry izany fatratra isika mandra-pahitantsika ny vidiny. Ny sasany amintsika rehefa mahita olona feno ny Fanahy dia matetika miteny hoe: "Tsy maninona, Tompo ô, ny handatsahanao ny Fanahinao, fa mba miangavy… tsy amin'ireo zanako lahy sy vavy!"

Sarotra ho an'ny Fanahy ny hiasa eo amin'ny fiainantsika raha tsy manaiky hanehoany ny fahotantsika isika. Ary andeha atrehantsika tokoa izany: sarotra ny mibaboka!

Rehefa manao izany isika dia matetika manao izany amin'ny fomba manokana, amim-pireharehana ary amin'ny fitandremana, toy ny hoe matahotra ny

Free Digital Copy From ServeNow

hiteny mihoatra noho izay tokony hotenenina. Tsy avy amin'ny fo tsotra izany, fa avy amin'ny feon'ny fieritreretana manindrona.

Raha nandratra olona isika, dia manao izay rehetra azontsika atao mba hialana amin'ny fifandonana ary raha tsy maintsy mibaboka isika dia matetika no miafara amin'ny zavatra sarotra, toy ny hoe nangatahana famelan-keloka ny ankizy iray ary nanao izany tamim-pahazotoana, toy ny hoe: "Afa-po ve ianao izao?" Tsy afa-po anefa Andriamanitra. Tiany ho torotoro noho ny herin'ny Fanahiny isika. Tiany hanetry tena eo anatrehany isika fa tsy hirehareha. *Fa izay rehetra manandra-tena no haetry; ary izay manetry tena no hasandratra* (Lioka 14:11).

Raha toa ka feno ny zavatra hafa rehetra ny saintsika fa tsy mba ny zavatra momba ny fanjakany, dia sarotra ho an'Andriamanitra ny mahita izay efitra lalina indrindra ao anatintsika. Amin'izay fotoana izay isika no tsy maintsy mangataka Aminy ny mba "hahatongavany amintsika indray".

**Inona no vokatry ny Fanahy miasa ao anatintsika?**

Mbola ho maina na ho donto ve ny fiainantsika ara-panahy raha mandray ny Fanahy Masina isika? Tsia! Ireto misy sasantsasany amin'ireo zavatra hiainantsika eo amin'ny fiainantsika:

***Toetra vaovao amin'ny alalan'ny vokatry ny Fanahy***

Ny Fanahy no mahatonga ny tena toetran'i Jesosy ho hita ao amintsika. Inona no vokatry ny Fanahy? Vakio tsara ilay famaritana ao amin'ny Galatiana 5:22–25, ary jereo ny fomba hanehoan'ireo toetra ireo an'i Jesoa Kristy. *Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra*

Free Digital Copy From ServeNow

*izany. Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filany tamin'ny hazo fijaliana. Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy.*

***Manjary ilaina noho ireo fanomezan'ny Fanahy***

Nampanantena ny Fanahy fa hanome fanomezana ho an'ny fiainana maha kristianina antsika. Inona avy ireo fanomezana ireo? Ao amin'ny Baiboly izy ireo dia mizara ho andinin-teny efatra samy hafa. Ireto avy izany: *Ary satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika: raha faminaniana, dia aoka hatao araka ny ohatry ny finoana; raha fanompoana amin'ny fiangonana, dia aoka ho amin'ny fanompoana; raha mampianatra, dia aoka ho amin'ny fampianarana; raha mananatra, dia aoka ho amin'ny fananarana; izay manome, dia aoka ho amin'ny fahatsoram-po; izay manapaka, dia aoka ho amin'ny fahazotoana; izay mamindra fo, dia aoka ho amin'ny fifaliana* (Romana 12:6-8).

*Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany.*

*Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa. Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony.*

Free Digital Copy From ServeNow

*Ary Andriamanitra efa nanendry ny sasany teo amin'ny fiangonana, voalohany Apostoly, faharoa mpaminany, fahatelo mpampianatra, manaraka izany dia fahagagana, dia fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, dia fanampiana, dia fitondrana, dia fiteny samy hafa tsy fantatra. Apostoly va izy rehetra? Mpaminany va izy rehetra? Mpampianatra va izy rehetra? Manao fahagagana va izy rehetra? Manana fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana va izy rehetra? Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra va izy rehetra? Mandika teny va izy rehetra? Nefa maniria fatratra ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra; ary, indro, izay lalana tsara indrindra no atoroko anareo* (I Korintiana 12:4-11, 28-31).

*Fa samy nomena ny fahasoavana araka ny ohatry ny fanomezan'i Kristy avy isika rehetra. Koa izany no ilazany hoe: Raha niakatra ho any amin'ny avo Izy, dia nitondra olona maro ho babo Ka nanome fanomezana ho an'ny olona. Ary ny amin'ny hoe niakatra, inona moa izany, afa-tsy ny efa nidinaho any ambanin'ny tany koa? Izay nidina, dia Izy koa no Ilay niakatra any ambonin'ny lanitra rehetra, hamenoany ny zavatra rehetra. Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy* (Efesiana 4:7-13).

*Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra* (I Petera 4:10).

Ao amin'ny 1 Korintiana 12 dia voalaza fa ny fanomezam-pahasoavan'ny fanahy dia omena ny olon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina

Free Digital Copy From ServeNow

ho “soa iombonana”. Ny andininy faha 11 dia milaza fa nomena ny fanomezam-pahasoavana ho an'izay rehetra tian'Andriamanitra handray izany. Ny Efesiana 4:12 dia milaza amintsika fa ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia nomena mba hanomanana ny vahoakan’Andriamanitra ho amin’ny fanompoana sy ho amin’ny fanorenana ny tenan’i Kristy. Na dia tsy mitovy aza ny hevitra momba ny isa tena izy, ny Tenin’Andriamanitra dia manondro mazava tsara ireo fanomezam-pahasoavana arapanahy isan-karazany.

Miharihary fa tahaka ny niresahan’i Jesosy ny amin’ireo mpanompo izay nahazo talenta dimy, roa na iray mba hampiasaina, dia mizara fanomezana ho antsika rehetra koa Andriamanitra amin’ny fomba izay tiany omena azy. *Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin'i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra. Ary satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika* (Romana 12:4-6).

Ampiasaina amin'ny fomba isan-karazany izy ireny dia hampaherezana antsika hanompo ny olona na ao anatiny na ivelan'ny fiangonana. Tsarovy fa na taiza na taiza no nilatsaka ny Fanahy tao amin’ny Bokin’ny Asan’ny Apostoly, dia nisy fanomezam-pahasoavana samihafa niasa.

### *Ny Fanahy dia mitarika ho amin'ny tahotra sy ny fiankohofana eo anatrehan’ny voninahitr’Andriamanitra*

Rehefa miasa ny Fanahy, dia manainga ny olona hivavaka amin’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina Izy. Ny fiantraikan'ny Fanahy voalohany tamin'ny andron'ny Pentekosta dia ny fahabetsahan'ny fiderana. Rehefa

Free Digital Copy from ServeNow

manambara ny voninahitr'Andriamanitra ny Fanahy, dia mitondra fahatsapana fahatahorana lehibe koa izany.

Lavo toy ny maty, ohatra, ny apostoly Jaona, ka tsy nisy fitaovam-piadiana intsony noho ny famirapiratan'ny fahamasinan'i Jesosy.

### *Ny Fanahy dia mamerina indray ny fitiavantsika an'Andriamanitra*

Ny sasany amin'ireo andian-teny voatonona matetika indrindra ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy dia miresaka momba ny fitiavana. Hoy Jesosy tamin'ny fiangonana tany Efesosy, *Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao* (Apokalypsy 2:4). Ary ny fiangonana tany Laodikia dia nasongadiny, *Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan'ny vavako ianao* (Apokalypsy 3:16).

Ny Fanahy dia mamaha ireo olana roa ireo. Mihaino matetika ny fijoroana vavolombelona avy amin'ireo olona efa latsa-pitia tamin'i Jesosy aho. Ny Fanahy dia mamelona indray ny fitiavantsika, ny fankatoavantsika ary ny maha-mpianatra mavitrika antsika.

### *Mamoaka ny herin'Andriamanitra ny Fanahy*

Mamokatra voa ao anatintsika ny Fanahy Masina: *Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany* (Galatiana 5:22-23). Mampanantena koa izy fa hanome hery antsika.

Tsy foto-kevitra ara-tsaina fotsiny izany, fa zava-misy marina tokoa. Noresahin'i Paoly izay mety ho dikan'izany hery izany rehefa nanoratra ny amin'ny toriteniny izy. *Ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy*

Free Digital Copy From ServeNow

*sy ny hery* (1 Korintiana 2:4). Tiany ho fantatry ny fiangonana ny momba izany hery izany. *Nataoko izany mba tsy hiorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany* (I Korintiana 2:5).

*Avy amin'Andriamanitra irery ihany izany hery izany. Ato anatinay ankehitriny ny hazavana mamiratra mameno ny fonay, fa manana izao rakitra izao amin'ny vilany tany izahay, mba ho an'Andriamanitra ny halehiben'ny hery, fa tsy ho avy aminay* (II Korintiana 4:7).

Nampirisika ny fiangonana tao Efesiana i Paoly mba hiantehitra amin'ny herin'ny Fanahy. *Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany* (Efesiana 6:10).

Nampahatsiahy an'i Timoty mpianany koa i Paoly fa mahery ny Fanahy izay nomen'Andriamanitra. *Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa Fanahy Mahery sy fitiavana ary fahononan-tena* (2 Timoty 1:7).

Rehefa milatsaka amintsika tsirairay ny Fanahin'Andriamanitra dia hahita ny herin'Andriamanitra indray isika.

### *Manampy antsika hivavaka ny Fanahy*

Tsy manan-kolazaina isika indraindray rehefa mivavaka. Tsy te handre ny teny poakaty na ny lisitr'ireo zavatra tiantsika ho azo mandritry ny Krismasy Andriamanitra rehefa mivavaka isika. Rehefa mameno ny fiainantsika ny Fanahiny, dia manampy antsika hivavaka ny amin'izay ao anatintsika lalina Izy, ilay karazana vavaka henoin'Andriamanitra. *Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina. Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina* (Romana 8:26-27).

Free Digital Copy From ServeNow

Ireo fiangonana misokatra amin'ny fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra dia miaina amin'ny fivoriam-bavaka lasa ivon-kery ho an'ny asa fanompoany sy ny asa fitoriana izay ataon'izy ireo.

### *Ny Fanahy no mahatonga antsika ho sahy hizara ny Filazantsara*

Ireo mpianatra, izay tsy dia nanana finoana nahery vaika loatra talohan'ny andron'ny Pentekosta, dia niova tanteraka rehefa nokasihin'ny Fanahy Masina. Petera, izay nanda an'i Jesosy in-telo, dia nitory tamin-kery tamin'ny Andro Pentekosta. Taty aoriana dia nitsangana teo anoloan'ny lehibe teo amin'ny Jiosy izy ary feno ny Fanahy Masina ka afaka niteny hoe:

*Ry mpanapaka ny vahoaka sy loholona, raha adinina izahay anio ny amin'ny asa tsara natao tamin'ny nahasitranana ilay lehilahy malemy, dia aoka ho fantatrareo rehetra sy ny olona Isiraely rehetra fa ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, Izay nohomboanareo tamin'ny hazo fijaliana, fa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty kosa, dia Izy no itsanganan'io lehilahy io finaritra eto imasonareo* (Asan'ny Apostoly 4:8-10).

### *Ny Fanahy dia manome antsika fitiavana ny tontolo manodidina antsika*

Rehefa nivory nivavaka ny fiangonana voalohany, dia nanjary niharihary tamin'izy ireo fa ny Filazantsara dia tsy zavatra tokony hafenina. Natao hozaraina amin'ny hafa ny Filazantsara. Ny Fanahy dia manome fangorahana ny olona tsy nandre ny Filazantsara ary tsy mifantoka amina zavatra kely fotsiny! Izao tontolo izao mihitsy no tian'Andriamanitra. Niteny tamin'ny fiangonana tany Antiokia ny Fanahy Masina: Nalefa ho any amin'izao tontolo izao i Paoly sy Barnabasy.

Free Digital Copy From ServeNow

Amin'izao andro izao, ny fihetsehana lehibe ataon'ny Fanahy dia ny maniraka ny fiangonana hanatratra ireo avy any ivelany indray.

Raha toa ny fiangonana tany Eropa, Skandinavia, Etazonia, ary Kanada toa nijanona teo amin'ny fahazotoan'izy ireo hitory ny filazantsara amin'izao tontolo izao fotsiny, Andriamanitra kosa, tamin'ny alalan'ny Fanahiny, dia nanangana indray ny fiangonana tany Amerika Latina sy Afrika ary Azia.

### *Ny Fanahy dia mamoha fangorahana ny mahantra*

Rehefa nanomboka ny fanompoany ampahibemaso i Jesosy, dia niresaka momban'ny fiahiana ny mahantra. *Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, Sy fampahiratana amin'ny jamba, Hanafaka izay nampahorina* (Lioka 4:18).

Andriamanitra no mpiaro ny mahantra. Manerana ny Testamenta Taloha, ny mpaminany dia namporisika ny olona ho tia ny rariny sy hikarakara ny mahantra. Nanohy ny hafatra nitovy tamin'izany i Jesosy.

Amin'izao taonjato izao isika dia mirona hieritreritra fa ny hetsika ara-tsosialy dia toy ny kominisma manana endri-mpivavaka. Tsy marina mihitsy izany. Efa ho 3000 taona izay fara-fahakeliny no nisian'ny fikarakarana ny mahantra! Avy amin'ny Tenin'Andriamanitra izany.

Ny fanahin'Andriamanitra dia mameno sy maniraka ny mpanompony amin'ny fitoriana ny Filazantsara ary tsy misaraka amin'izany ny fikarakara ny mahantra.

Efa modely ny fikarakarana ny kamboty sy ny mpitondratena ho fanaparitahana ny Filazantsara manerana izao tontolo izao. Ny fanabeazana, ny hopitaly ary ny toeram-pitsaboana dia nanaraka foana izay nitondran'ny Fanahin'Andriamanitra ny misiônera taloha.

Free Digital Copy From ServeNow

### *Mampitombo ny fifankatiavantsika ny Fanahy*

Tsy mora ny mitia ny olon-drehetra, ary indraindray dia tsy haintsika ny fomba handraisana ny olona sasany. Nampanantena anefa ny Fanahy Masina fa hanome antsika ny fitiavany, mba hahatonga antsika ho tia izay rehetra manatona antsika. Indraindray dia misy ratra tsy mety sitrana na misy manoro hevitra aza, fa ny Fanahin'Andriamanitra, izay fitiavana, no afaka manasitrana ny fifandraisan'ny olombelona izay efa tapaka.

### *Ny firotsahan'ny Fanahy dia mitarika amin'ny fanoherana sy fanenjehana*

Rehefa avelanao hitarika anao ny Fanahin'Andriamanitra, dia tsy maintsy miatrika fanoherana ianao. Nolazaina fa olona hafahafa sy adala i Paoly. Ny Governora Festosy, izay nanambaran'i Paoly ny teniny, dia nahateny hoe: Ry Paoly ô, very saina ianao! Na dia tafaray tamin'ny fitiavana aza ny Kristianina voalohany, dia niparitaka noho ny fanenjehana izy ireo.

Hiditra amin'ny ady goavana amin'ny fahavalo ianao. Tsy manana olana amin'izay matimaty izy. Azony avelany amin'izao izy ireo. Fa raha te hirehitra ho an'ny Tompo kosa ianao, dia mampiasa ny hafetseny rehetra ny fahavalo mba hahatonga anao ho lavo.

Hiatrika fakam-panahy izay mbola tsy noeritreretinao mihitsy ianao. Hahatsapa fifandirana ao anatinao ianao—amin'ny filana, ny fitiavan-karena ary ny avonavona. Fa raha mijoro hanohitra ny fahavalo ianao, dia handositra izy.

### *Mampitombo ny finoana sy ny fanantenana ny Fanahy*

Ho an'ny sasany, ny fiangonana no toerana farany hitadiavana fientanam-po sy tantara. Na dia ny fanompoam-pivavahana mandroso indrindra aza dia tafiditra

Free Digital Copy From ServeNow

ao anatin'ny fahazarana fotsiny. "Amin'ny Alahady manaraka dia toy ny mahazatra ihany ny fotoam-pivavahantsika" izay no fomba mahazatra hampahafantarana ny fotoana amin'ny herinandro manaraka. Tsy toy izany anefa tamin'ny andron'ny fiangonana voalohany. Nihaona isan'andro izy ireo, ary nanana fanantenana be. *Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no nataon'ny Apostoly* (Asan'ny Apostoly 2:43).

Manana namana aho izay mpitandrina fiangonana ao amin'ny tanàna lehibe iray. Milahatra mandritra ny ora maro ny olona hanatrika fivoriam-bavaka fanao isaky ny ny talata alina! Nahoana? Satria hitany fa nitombo ny finoany rehefa miseho Andriamanitra! Miandry an'Andriamanitra hiditra an-tsehatra amin'ny fiainany andavanandro izy ireo. Ary manao izany tokoa Andriamanitra!

Avelao ny Fanahy hanome fanantenana sy finoana eo amin'ny fiainanao. Te hiseho eo amin'ny fiainanao andro aman'alina izy ary ao amin'ny fiangonanao isaky ny mivory ianareo! Tsy Andriamanitry ny zavatra mahazatra Izy, fa Andriamanitry ny miavaka tsy takatry ny saina.

### *Manome fiainana be dia be ny Fanahy*

Hoy Jesosy, *Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be* (Jaona 10:10). Misy dikan-teny sasany milaza azy io hoe fiainana be dia be. Azonao atao ve ny milaza ny fiainanao ara-panahy hoe be dia be, manankarena ary mahery? Izany no tiany hatao amintsika rehetra.

Hahita fiadanana miaraka amin'Andriamanitra ianao izay mihoatra lavitra noho izay eritreretinao. Tampoka eo dia tsy hanahy intsony ianao rehefa miteny hanohitra anao ny olona. Ny fiainany izay ao anatinao dia tsy azo sakanana amin'ny fanafihana avy any ivelany.

Free Digital Copy From ServeNow

**Ahoana no ahafahantsika miaina ny Fanahy?**

Hafiriana no tsy maintsy maha-Kristianina ahy vao afaka miaina ny fiasan'ny Fanahy Masina aho eo amin'ny fiainako? Telopolo taona, telo taona, adiny telo, sa telo segondra?

Voalohany indrindra dia tsy maintsy tsaroantsika fa tsy misy famonjena raha tsy misy ny asan'ny Fanahy Masina. Izy no mandresy lahatra antsika ny amin'ny fahotana sy ny fitsarana. Izy no manokatra ny saintsika sy ny fontsika hahatakatra ny vokatry ny fanomboana teo amin'ny hazofijaliana sy ny fitsanganana tamin'ny maty. Amin'ny alalany no mahatonga ny asan'ny fahasoavana amin'ny sorompanavotana ho tena misy, izany hoe, Jesosy dia naka ny fahotantsika ho eo amin'ny toerany ary tsy namela ny lasantsika fotsiny fa tonga tena misy amin'ny fiainantsika ankehitriny ary manome antsika ny fampanantenana ny amin'ny mandrakizay.

Raha manantitrantitra ny teolojiana sasany fa ireo voalaza etsy ambony ireo no hany asan'ny Fanahy, ny hafa kosa dia manantitrantitra fa "fitahiana faharoa indray izany." Izaho manokana dia mino fa manana fitahiana mihoatra ny roa Andriamanitra! Manana fitahiana miisa 102 Izy farafahakeliny!

Tsy mametra ny Fanahy Masina ho amin'ny andro famonjena ihany ny Soratra Masina. Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly toko faha-19, i Paoly dia nanontany ny mpino tany Efesosy hoe: *Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?*

Ao amin'ny Asan'ny Apostoly took faha 8 dia nisy fihetsehan'Andriamanitra tany Samaria tamin'ny alalan'ny fanompoan'i Filipo. Niakatra tany Samaria ny apostoly avy tany Jerosalema mba hizaha izany rehetra izany. *Nony tafidina tany ny Apostoly, dia nivavaka ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina. Fa tsy mbola nisy nilatsahany izy na dia iray akory aza.*

Free Digital Copy From ServeNow

Na dia fisehoan-javatra eo no ho eo aza ny famenoana ny Fanahy Masina amin'ny fotoanan'ny famonjena ho an'ny mino rehetra, dia mbola manohy mameno antsika amin'ny Fanahy Masina ihany koa Andriamanitra. Rehefa mamporisika antsika ho feno ny Fanahy Izy, dia manasongadina asa mitohy ny tena dikan'izany.

***Mangataha amin'Andriamanitra amin'ny finoana***

Koa mangataha amin'Andriamanitra amin'ny finoana mba hameno anao isan'andro amin'ny Fanahiny Masina Izy. Diniho indray ny fiainanao mba hahitana raha misy tsy fankatoavana ao anatinao. Nahoana? Rehefa nitsangana teo anoloan'ny lehiben'ny Jiosy i Petera, araka ny voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly 5:32, dia nilaza tamin'izy ireo izy hoe, *Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy* (Asan'ny Apostoly 5:32).

***Mivavaha***

Mivavaha mba hanatanteraka ny teny fikasany aminao Andriamanitra. Manao ahoana ny fahasahirananao ny amin'ny fanatrehan'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao? Tadidinao ve ilay olona tonga teo amin'ny mpifanila trano taminy ka nangataka mofo? Tsy nilavo lefona ilay olona raha tsy nomen'ny mpiara-belona taminy izay tiany sy nilainy izy. Rehefa niakatra tany an-danitra Jesosy, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, dia nivory voalohany ny mpianatra nivavaka sy niandry ny fampanantenana nomen'i Jesosy azy ireo. *Aza miala ao Jerosalema, fa miandrasa ny fanomezana nampanantenain'ny Raiko.* Mivavaha ary manantenà an'Andriamanitra hiasa eo amin'ny fiainanao.

Fanampin'izany: rehefa mangataka izay tadiavinao sy ilainao ianao dia mety tsy ho tonga aminao araka ny

Free Digital Copy From ServeNow

nantenainao izany! Andriamanitra dia tsy toy ny mpivarotra, manome vatomamy na zava-pisotro toy ny soda ho takalon'ny vola.

Andriamanitra Izy. Hiasa eo amin'ny fiainanao araka izay tiany Izy. Ny Fanahy Masina koa dia tsy hoe paompy mikoriana raha manao fihetsika tsara eo amin'ny vatana ianao na manonona raiki-pohy miafina. Fa ny Fanahy no Rano velona, izay hirotsaka ao anatinao rehefa mitoetra ao anatinao Izy. Inona no tian'i Jesosy holazaina, rehefa niresaka momba ny Rano velona izy?

*Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin'izany* (Jaona 7:39).

### *Te hanome anao izay tsara Andriamanitra*

Ny fanirian'Andriamanitra dia ny hanome anao izay tsara. Jesosy dia nanambara hoe, *Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?* (Lioka 11: 13).

Ny vavaka ataoko dia ny mba hahatonga ity fanambarana avy amin'i Jesosy ity ho faniriana lehibe ao anatinao hahalalanao bebe kokoa momba an'io mpanampy nampanantenaina io—iza izy ary inona no ataony. Angamba isika afaka mahatsapa azy ho toy ny zava-misy velona tahaka ny nataon'ireo mpino voalohany ihany koa.

### *Mampiasa olon-tsotra ny Fanahy Masina*

Ny fiangonana voalohany dia olon-tsotra lahy sy vavy no nandrafitra azy. Ireo mpitarika dia mpanarato sy mpamory hetra taloha izay nandositra nohon'ny tahotra rehefa nosamborina i Jesosy nefa tena nila azy ireo Izy. Tsy be herim-po ary tsy nahatoky izy ireo. Raha ny marina, dia tsy nanana finoana sy herim-po izy ireo. Tsy ireo mihitsy no noheverina ho tonga mpitarika ny Kristianisma.

Free Digital Copy From ServeNow

Ao amin'ny Asa took faha 2, rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina, ireo olon-tsotra ireo ihany no nandalo fiovana tampoka. Amin'ny herim-po sy finoana no nanovan'izy ireo an'i Jerosalema, ary tamin'ny farany dia niova izao tontolo izao.

Tsy noho ny fanofanana ara-teôlôjia azy ireo izany, satria tsy niofana na oviana na oviana izy ireo. Tsy afaka nanome dika mitovy ny Testamenta Vaovao izy ireo satria tsy mbola voasoratra izany tamin'io vanim-potoana io. Tsy noho izy ireo nanankarena sy nanana fanamafisam-peo sy zavamaneno lehibe indrindra tao amin'ny fiangonana ihany koa. Olona mahantra tsy nanana trano fiangonana izy ireo.

Naneso azy ireo ny mpitondra fivavahana jiosy, satria noheveriny ho olona tsy nianatra sy tsy ampy fahalalana sady tsy nanan-karena izy ireo. Ho an'ny tafika izay nitoby nanodidina azy ireo dia toa diso nafana fo loatra sy hafahafa izy ireo.

Ny zavatra iray hany nananan'izy ireo dia ny herin'ny Fanahy Masina. Nilaza tamin'izy ireo i Jesosy mba hiantehitra amin'ny Fanahy amin'ny zavatra rehetra. Fantatry ny mpino voalohany fa raha tsy misy ny Fanahy Masina dia fomba fiaina tsy misy fanantenana fotsiny ihany ny Kristianisma. Ary marina ho an'ny Fiangonana ankehitriny koa izany.

Free Digital Copy From ServeNow

## FANONTANIANA HO FAMPIANARANA SY HO FAMPIERITRERETANA

- Iza moa ny Fanahy Masina?

- Inona avy ireo toetra mampiavaka azy?

- Misy marika maromaro momba ny Fanahy Masina ao amin'ny Baiboly. Tadidinao ve ny sasany amin'izy ireny?

- Inona no ataon'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika?

- Inona no vokatry ny Fanahy?

- Inona avy ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy?

Free Digital Copy from ServeNow

- Rehefa mamonjy anao Kristy dia mameno anao amin'ny Fanahiny koa. Fa ianao koa ve dia feno ny Fanahiny isan'andro?

- Tena tia an'Andriamanitra ve ianao?

- Olona manokana ihany ve no ampiasain'ny Fanahy, sa azony atao ny mampiasa olon-tsotra koa?

Free Digital Copy From ServeNow